Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

Misavoritaka ny samy manam-pahefana, misafotofoto ny fitantanana

Misafotofoto tsy hifankahitana intsony ny ataon'ny ao amin'ny fitondrana ao momba ny fitantanana ity Firenena ity. Tsy fantatra intsony iza no manao inona, ary iza no nomena andraikitra izatsy na izaroa ho an-dranona. Raha ny mpikambana ao amin'ny fahefana mpanatanteraka no asian-teny dia ny Praiminisitra no manolotra anarana amin'ny filohan'ny Repoblika dia ity farany no manendry. Araka izany dia manana fahefana hanaisotra sy hanendry izay olona eo ambany fiadidiany ny minisitra voatendry ao amin'ny departemanta iandraiketany. Raha ny fiainan'ity governemanta ity no jerena dia samy manao sy miteny izay mety aminy ny mpikambana, ary tsy manan-kolazaina sy tsy manana fahefana hanitsy na hanaisotra izay mibolila ny Praiminisitra eo anatrehan'izany. Entina manaporofo izany ny ataon'ny minisitry ny fandriampahalemana maniraka mpitandro ny filaminana nanakana sy namely ny làlana tokony nalehan'ny Filohan'ny Repoblika teo aloha, Ravalomanana Marc, raha avy any Tsiroanomandidy izy. Tsy azo inoana fa tsy mahafantatra ny maha Filoham-pirenena teo aloha an-dRavalomanana Marc ny Praiminisitra, ka tsy nanome baiko ny minisitra tsy nanao izany. Azo heverina araka izany fa na efa tsikombakomba nifanarahan'ny mpikambana sasantsasany ao amin'ny governemanta izany, na tsy voafehin'ny Praiminisitra ny minisitry ny fandriampahalemana. Toy izany koa ny nataon'ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina tany Antsirabe nampiasa ny fampielezampeo rehetra tany an-toerana nanaratsy nandoto saim-bahoaka rehefa nidina ifotony ny antoko TIM, ka nikasa nanamafy ny ambaindainy. Nahazo nanao famorian'olona ny tao amin'ny antoko manohana ny fitondrana kanefa nosakanan'ny prefektiora any an-toerana, fa tsy nomena alàlana kosa ny solombavambahoaka, olomboafidy, na dia tao amin'ny toerana mifefy sady fananan'olompirenena manana zo hanao izay tiany atao ao. Vao omaly ny omaly dia nifandramatra tamin'ny haino aman-jery ny minisitry ny Fitaterana sy ny nantsoiny ho "madama be" izay maneho ampahibemaso fa tsy azon'iza na iza fehezina, satria ny filohan'ny Repoblika no mamikitra azy eo amin'ny andraikitra nomeny azy. Mety tsy ho ela fa ato anatin'ny andro vitsivitsy dia hahazo vaovao momba izay tena manampahefana marina eo anivon'ny fahefana mpanatanteraka eto amin'ity Firenena ity. Nifarana tamin'ny Zoma lasa teo koa ilay fikaonandoham-pirenena momba ny fananan-tany izay azo lazaina tsy hamaha ny olana eo amin'ny ady tany manerana ny Nosy mihitsy. Raha fintinina dia misavoritaka ny samy manam-pahefana ao amin'izao fitondrana izao, ka ny fanjakana miady an-trano dia hirodana tsy ho ela. Tsy vitan'izany fa mahatsiaro tena ho malemy koa izao fitondrana izao, ka miezaka mitady ny hevitra sy tetika rehetra handemena ny mpanohitra sy ireo heveriny ho mpifanandrina aminy amin'ny fifidianana ho avy rehetra. Araka ny fanaon'ny mpitondra amin'izao fotoana izao rehefa misy hetsika ataony tahaka ity fikaonandoham-pirenena ity dia miakatra eny amin'ny haino aman-jery ny mpomba azy dia miaro ny fehinkevitra nivoaka avy ao. Ny tsapa dia tsy manana vahaolana ireny mpiaro ny fitondrana ireny, fa miaro tena sy manasongadin-tena ho mahavita zavatra ary misikotra vahaolana amin'ny hafa sy manilika andraikitra hatrany. Raha mpitondra tena mahafehy ny toe-javatra rehetra dia afaka manome rariny ny mpiray firenena manoloana ny fibodoan'ny karana sy sinoa ny tany. Etsy ankilany koa dia misy olona milaza ho manana mpiaro any ambony any, ka tsy miraharaha ny mpiray tanàna aminy ary manao didin'ny besandry ary tsy mitandro ny fiaraha-monina toy ireny afaka miolonolona sy mahavita tena ireny. Hanao fikaonandoham-pirenena momba ny fambolena sy fiompiana indray hono amin'ny faramparan'ity volana jona ity. Tato anatin'ny efatra taona dia tsy nihevitra izay hampiroboroboana ny fambolena ny governemanta sady tsy nanao laharampamehana ity sehatra ity, ka saika namitaka ny tantsaha tamin'ny fambolena "Artemisia" fa tsy hamboly vary intsony. Tsy nataon'ny fitondrana ihany koa izay nividianana ny varin'ny tantsaha, fa ny nahamay azy dia ny nanangana orinasa mpanafatra vary sy ny zavatra ilain'ny mponina andavanandro izay mamono ireo an'ny Malagasy efa mitsangana. Raha ireo toe-javatra ireo no jerena dia tsy milamina izao fitondrana izao eo amin'ny sehatra rehetra, ka tsy maintsy hipoaka ihany ny sarom-bilany.

Andry Tsiavalona

Olom-panjakana Malagasy

Matahotra sy miafinafina rehefa tonga any La Réunion

Miafinafina ireo olom-panjakana Malagasy rehefa tonga atsy amin'ny Nosy La Réunion. Nadalo tany an-toerana ny herinandro lasa teo ny ministry ny raharaham-bahiny Richard Randriamandranto, sy ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Vazahabe Naina Andriantsitohaina, fa nangingina tanteraka izany fandalovany tany izany. Matahotra fadiranovana ny olom-panjakana malagasy rehefa manao fitsidihana atsy amin'ny Nosy la Réunion. Nisy nahita, nitaingina teleferika tao Saint-Denis ny ben'ny tanànan'Antananarivo Naina Andriatsitohaina tamin'ny faran'ny herinandro teo. Tsy nataony nahoraka fa tena nangingina nefa izany fitsidihana izany. Nafenimpenina fatratra, ka na ireo mpomba ny fitondrana Rajoelina any an-toerana aza tsy nisy nahalala akory, fa tonga tao La Réunion i Lemera Vazahabe.

Nifezaka toy izany koa ny minisitry ny raharaham-bahiny Richard Randriamandranto: olona vitsivitsy anaty fikambanana iray monja no nandray azy tao amin'ny Consulat de Madagascar ao Saint-Denis. Tsy mbanatao nahoraka tahaka ny andRajoelina Patrick, izay nihaona tamin'ny filoham-pikambanana maro tao amin'io toerana io ihany, ny fandraisana an'i Richard Randriamandranto fa nafenina mafy. Misy ihany nefa ny olona namoaka tamin'ny Facebook. Tsy hita ny sariny satria angamba voarara ny famoahana ny resaka. Saingy nisy fanehoan-kevitra mikasika io fandalovany io amin'ny tambazotra. Azo lazaina fa ny tahotra ny hery fanoherana mivaivay ao La Réunion, no nahatonga ireto olom-panjakana ireto nisitrika toy izao. Iaraha-mahalala fa ny "werawera", no mahazatra ireto mpitondra volomboasary ireto : tamin'ity indray mitoraka ity anefa dia ny ben'ny tanànan'ny Renivohitra sy ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, no nandalo tsy re tsaika tany an-toerana. Mbola milentika mafy ao antsain'ny mpitondra tokoa ny fahafaham-baraka noraofin'ny ministra Patrick Rajoelina tany La Réunion. Ankoatran'ny kirirroka tsy nifandrenesana nataon'ny mpanohitra nihiaka hoe: « Malagasy maty noana, fa ny mpitondra voky be » tao ivelan'ny Consulat, nandritra ny fandalovan'ilay minisitra tsy mahay miteny Malagasy sy ny fanairana ny mpanao gazety tao La Réunion mikasika ny fironan'i Madagasikara mankany amin'ny jadona dia teo koa ny fanehoana tamin'ny tambazotra ireo zava-mahamenatra niseho tao an-toerana. Anisan'ireny ny fandisoana ny hiram-pirenena nataon'ireo mpikarakara, nefa dia nanohy nanetsiketsika ny vavany toy ny mihira ilay minisitra malagasy izay sady « mila mamaky ny boky Lala sy Noro», no tsy mahalala akory ny « Ry Tanindrazanay Malala ». Ny teny ratsy mamoafady sy ny fanambaniana olona hoe « ialahy andevo» moa, no ahatsiarovana ny ministra Rajoelina Patrick. Anisan'ny nitarika ny fialan-dRajoelina Patrick teo amin'ny sezan'ny minisitra noho izany, ny hetsiky mpanohitra tao amin'ny Nosy La Réunion. Mazava fa io fatahorana ny mpanohitra io, no antony nampitsaitsaika ireto olom-panjakana 2 nandany volam-bahoaka nivahiny tany an-toerana ireto. Marihina fa ny hetsika mahery vaikan'ny Miara-manonja ao la Réunion io dia ivondronan'ny hery maro tahaka: ny GTT Réunion, ny RMDM Réunion, ny Collectif pour Madagascar, ny Komity 974 ary Les Indignés de Madagascar. Raha ny fantatra dia efa mitady ny toerana misy an'i Naina Andriatsitohaina sy Richard Randriamandranto ny mpanohitra ao la Réunion. Hoy izy ireo, raha nanontanian'ny mpanao gazety hoe : « te hampahafantatra an'izy mirahalahy ireo sy ny fitondrana frantsay izahay fa tsy laharam-pamehana ny teleferika tadiavina hatao ao Antananarivo. Maro ireo fijalian'ny vahoaka ilana vahaolana sy enti-manana: ady amin'ny tsy fandriampahalemana sy ny fakana an-keriny; ny fisondrotan'ny vidim-piainana; ny firongatry ny valala… Ka tokony hajanona tsy misy hatakandro ny fandanindaniam-poana tahaka ny teleferika ». Hafana ny fihaonana raha hitan'ireo mpitolona ao La Réunion ny toerana misy ireto olom-panjakana "mifezaka" sy miafina ireto.

Nangonin'i Stefa

Olana samy hafa eto amin'ny firenena

Ny fialan'izao fitondrana izao no vahaolana hoy Rolland Ratsiraka

Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana ny depioten'i Toamasina I, Rolland Ratsiraka ny faran'ny herinandro teo. Ny fialan'izao fitondrana Rajoelina izao ihany no vahaolana amin'ireo olana samy hafa misy eto amin'ny firenena ankehitriny hoy izy. Nilaza ity olom-boafidy ity fa: "tsy misy afa tsy ny fialan'izao fitondrana izao no ahafahana mamaha ny olana misy eto amin'ny firenena , indrindra fa ny olana ao amin'ny Jirama. Ny fiarahamiasan'ny fanjakana sy ny Orinasa izay mpanafatra Solika izay azoko lazaina hoe efa tapaka tanteraka . Manao "forcing"ny Fanjakana hoe "Réquisition " dia alaina any amin-dry zareo ny carburant . Mangalatra amin'ny fomba ofisialy anie izany ny fanjakana e! Fananan'ilay olona ilay Zavatra. Zavatra tsy naloanao vola ary ianao ananany trosa dia lasa ianao mampiasa mpitandro filaminana miaraka amin'ny Zandary sy Miaramila dia alainao ilay Solika ampiasainao. Fomba fitantanana tsy mandeha amin'ny laoniny izany. Misy any amin'ny 100 milliards Ar mahery ny vola voahodina olona ambony eto amin'ny tany sy ny Firenena sy olona mpiara-miasa akaiky amin'ny fitondrana tratran'ny Bianco nanao détournement de fonds. Zavatra fanta-poko fantam-pirenena ary nandalo tamin'ny Fitsarana kanefa tsy nisy olana , sady tsy voasazy koa ry zareo fa toa mbola miriaria any foana. Ohatra iray izany, fa ny halalin'ny zavatra tahak'izany mbola misy be dia be . Misy groupe électrogène vidiana, nefa groupe efa simba avy any dia amboarina dia maty ho azy . Io fitondrana io dia tsy afaka manohy hitondra intsony. Ny olan'ny Jirama tsy ho voavaha na amin'ny herintaona aza."

Niaina

Ny depioten'i Tomasina I, Rolland Ratsiraka.

TONONKALO

Rehefa ny olonao mpitondra

Rehefa ny olonao mpitondra no manao fahadisoana,
Dia tsy misy fitsarana na koa mihemo-dava foana ?
Ampanginina mihitsy sy tsy avela mba hifoha,
Fa misy ve ny teny midina na baiko avy amin`ny filoha ?

Aiza ho aiza izao ny momba ireo aferan`andramena,
Ary moa tsy misy tohiny ny fanondranam-bolamena ?
Misy ve ny voasaringotra amin`ireo mpitondra ambony,
No dia mangingina ireny , tsy hofohazina intsony ?

Rehefa ny olonao mpitondra no iharam-piampangana,
Dia mazàna afa-maina sy tsy misy mba voatana ?
Sa madio daholo ireny ka arovana hatrany,
Ahoana ny "bonbon sucette" , vita maina ny amin`izany ?

Ao ny ecran plat sy ny tsy mety ataon-dry sola.
Moa ho afa-maina ve ireo mpanodinkodim-bola ?
Raharaha tranainy ireny nefa iniana tsy fongarina,
Sa tsy avela mba hipoitra fa totofana ny marina ?

…Saingy raha vao mahakasika ireo avy amin`ny fanoherana,
Dia tsy angatahina andro sy tsy asiana fileferana ?
Zara misy lelo ahisina , ny hamorona aza atao ?
(Ontsa anao aho ry mpitondra tena tsisy kalitao !)

Moa manaiky izany koa ny ao anaty fitsarana,
Dia ianao izay nianiana fa hampihàtra ny lalàna ?
Manantena anao `zahay ka aoka tsy handraraka ilo.
Ry mpitsara mijoroa dia misehoa mba ho fanilo !

Aoka hanananao tanteraka izany atao hoe fahafahana.
`Ndeha ialao ny teritery izay mamatotra valahana.
Mijoroa dia miadia mba hanam-pahaleovantena,
Fa ianao madio sy marina no hampandroso firenena !

DADAN`i RIANA (12-06-22)